

Salamo / Psaume 33

Genesisy / Genèse 12 : 1 - 4

2 Timoty / 2 Timothée 1 : 8 - 10

Matio / Matthieu 17 : 1 – 9

**« dia izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin’ny fiantsoana masina,
tsy araka ny asantsika fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany
izay nomena antsika tao amin’i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola. »**

« Dieu nous a sauvés et il nous a appelés pour que nous soyons à lui.

Il n’a pas fait cela à cause de nos actes, mais parce qu’il l’a décidé.

C’est un don gratuit qu’il nous a fait dans le Christ Jésus, avant que le monde existe. »

2 Timoty / 2 Timothée 1.9

SALAMO 33 (MRV)

- 1 Mihobia ho an’NY TOMPO ianareo, ry olona marina ! Fa mendrika hataon’ny olo-mahitsy ny fiderana.
- 2 Miderà NY TOMPO amin’ny lokanga; mankalazà Azy amin’ny valiha tory folo.
- 3 Mihirà hira vaovao ho Azy ! Mitendre tsara amin’ny feo mihoby.
- 4 Fa mahitsy ny tenin’NY TOMPO ary mahatoky avokoa ny asany rehetra.
- 5 Tia fahamarinana sy rariny lzy; henika ny famindrampon’NY TOMPO ny tany.
- 6 Tamin’ny tenin’NY TOMPO no nanaovana ny lanitra ary ny fofonain’ny vavany no nanaovana izay rehetra ao aminy.
- 7 Mampivavosa ny rano ao an-dranomasina ho toy ny antontan-javatra iray lzy; mitahiry ny rano lalina ho ao amin’ny trano fitahirizana lzy.
- 8 Aoka hatahotra NY TOMPO ny tany rehetra ! Aoka hangovitra eo anatrehany ny mponina rehetra amin’izao tontolo izao !
- 9 Fa lzy no niteny dia ary izany; lzy no nandidy dia nitoetra mafy izany.
- 10 Mahafoana ny fikasan’ny firenen-tsamihafa NY TOMPO; mahatsinontsinona ny hevity ny olona lzy.
- 11 Maharitra mandrakizay ny fikasan’NY TOMPO ary mahatratra ny taranaka fara aman-dimby ny hevity ny fony.
- 12 Sambatra ny firenena izay manana NY TOMPO ho Andriamaniny, dia ny olona nofidiny ho lovany !
- 13 Avy eny an-danitra no itsinjovan’NY TOMPO; mijery ny zanak’olombelona rehetra lzy;
- 14 avy eo amin’ny fonenany no ijereny ny mponina rehetra ambonin’ny tany,
- 15 dia lzy izay namolavola ny fon’izy rehetra sy mamantatra ny asany rehetra.
- 16 Tsy misy mpanjaka voavonjin’ny hamaroan’ny miaramilany; ny olo-mahery dia tsy voavonjin’ny haben’ny heriny.
- 17 Ny soavaly dia tsy azo itokiana ho famonjena ary tsy mahavonjy ny haben’ny tanjany.
- 18 Indro, mitsinjo izay matahotra Azy ny mason’NY TOMPO, dia izay manantena ny famindrampony,
- 19 mba hanafaka azy amin’ny fahafatesana sy hamelona azy raha misy mosary.
- 20 Miandry NY TOMPO ny fanahintsika; famonjena antsika sy ampingantsika lzy;
- 21 fa lzy no ifalian’ny fontsika satria ny anarany masina no itokiantsika.
- 22 TOMPO ô, aoka ny famindramponao hitoetra aminay araka ny iandrasanay Anao!

PSAUME 33 (PDV)

- 1 *Criez de joie pour le Seigneur, vous qui lui obéissez. Pour ceux qui ont le cœur pur, il est bon de chanter sa louange.*
- 2 *Remerciez le Seigneur avec la cithare, jouez pour lui sur la harpe à dix cordes.*
- 3 *Chantez pour lui un chant nouveau, rythmez bien vos cris de joie avec tous vos instruments.*
- 4 *Oui, les paroles du Seigneur sont vraies, on peut avoir confiance en tout ce qu’il fait.*
- 5 *Le Seigneur aime ce qui est juste et en accord avec la loi. L’amour du Seigneur remplit la terre.*
- 6 *Par sa parole, le Seigneur a fait le ciel. Par le souffle de sa bouche, il a fait toute l’armée des étoiles.*
- 7 *Derrière un grand mur, il rassemble l’eau des mers, les océans, il les garde en réserve.*
- 8 *Que toute la terre respecte le Seigneur, que tous les habitants du monde tremblent devant lui !*
- 9 *Car il a parlé, et le monde a commencé, il a commandé, et cela est arrivé.*
- 10 *Le Seigneur défait les plans des peuples, il détruit tous leurs projets.*
- 11 *Le plan du Seigneur existe pour toujours, les projets de son cœur sont valables de génération en génération.*

12 Il est heureux, le pays qui a le Seigneur comme Dieu ! Il est heureux, le peuple que le Seigneur a choisi comme son trésor !

13 Du haut du ciel, le Seigneur regarde, il aperçoit tous les humains.

14 Du siège où il est assis, il observe tous les habitants de la terre.

15 C'est lui qui a formé le cœur de chacun, il connaît toutes leurs actions.

16 À la guerre, le roi n'est pas sauvé par sa puissante armée, le héros n'est pas délivré par sa grande énergie.

17 Le cheval ne sert à rien pour la victoire, sa grande force ne sauve pas le cavalier.

18 Mais le Seigneur veille sur ceux qui le respectent, sur ceux qui espèrent en son amour.

19 Il les délivrera de la mort et les gardera en vie pendant la famine.

20 Et nous, nous attendons le Seigneur, il est notre secours et notre bouclier.

21 La joie de notre cœur vient de lui, nous avons confiance dans le Dieu saint.

22 Seigneur, que ton amour repose sur nous, comme nous l'espérons de toi !

GENESY 12 : 1 - 4 (MRV)

1 Ary hoy NY TOMPO tamin'i Abrama: Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao.

2 Hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ho fitahiana tokoa ianao.

3 Hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao. Aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany.

4 Dia nandeha i Abrama, araka izay nolazain'NY TOMPO taminy, ary mba niaraka taminy koa i Lota. Efa dimy amby fitopolo taona i Abrama raha niala tao Harana.

GENESE 12 : 1 - 4 (PDV)

1 Le Seigneur dit à Abram : « Quitte ton pays, ta famille et la maison de ton père. Puis va dans le pays que je vais te montrer.

2 Je ferai naître de toi un grand peuple, je te bénirai et je rendrai ton nom célèbre. Je bénirai les autres par toi.

3 Je bénirai ceux qui te béniront, je maudirai celui qui te maudira. Par toi, je bénirai toutes les familles de la terre. »

4 Abram s'en va comme le Seigneur l'a commandé, et son neveu Loth part avec lui. Au moment où il quitte Haran, Abram a 75 ans.

2 TIMOTY 1 : 8 - 10 (MRV)

8 Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika ianao na amiko izay mpifatony. Fa aoka ianao ho mpiombona fahoriana amiko noho ny Filazantsara araka ny herin'Andriamanitra,

9 dia izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola.

10 Naharihary izany ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, izay nahafoana ny herin'ny fahafatesana, koa ny Filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsy fahalovana mandrakizay.

2 TIMOTHEE 1 : 8 - 10 (PDV)

8 N'aie donc pas honte de rendre témoignage à notre Seigneur, et n'aie pas honte de moi qui suis en prison pour lui. Mais souffre avec moi pour la Bonne Nouvelle avec la puissance de Dieu.

9 Dieu nous a sauvés et il nous a appelés pour que nous soyons à lui. Il n'a pas fait cela à cause de nos actes, mais parce qu'il l'a décidé. C'est un don gratuit qu'il nous a fait dans le Christ Jésus, avant que le monde existe.

10 Maintenant, ce don est devenu visible quand notre Sauveur, le Christ Jésus, est apparu. C'est lui qui a enlevé son pouvoir à la mort et, par la Bonne Nouvelle, il a fait connaître la vie qui ne meurt pas.

MATIO 17 : 1 - 9 (MRV)

Ny niovan'i Jesosy tarehy tao an-tendrombohitra

1 Nony afaka henemana, Jesosy, dia naka an'i Petera sy i Jakoba ary i Jaona rahalahiny ka nitondra azy ireo niakatra ho any an-tendrombohitra avo mba hitokana.

2 Dia niova tarehy teo anatrehan'izy ireo lzy, koa ny tarehiny dia namirapiratra tahaka ny masoandro, ary tonga fotsy tahaka ny mazava ny fitafiany.

3 Ary indreo, niseho tamin'ny mpianatra i Mosesy sy i Elia, niresaka tamin'i Jesosy.

4 Dia niteny tamin'i Jesosy i Petera hoe: Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika; koa raha sitrakao dia hanao tranolay telo eto aho: Ny iray dia ho Anao, ny iray dia ho an'i Mosesy ary ny iray dia ho an'i Elia.

5 Raha mbola niteny izy dia indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona niteny hoe: Ity no Zanako malalako izay sitrako; Izy no henoy.

6 Ary nony nandre izany ny mpianatra dia lavo niankohoka sady natahotra indrindra.

7 Ary Jesosy nankeo aminy dia nikasika azy ireo sady niteny hoe: Mitsangàna fa aza matahotra.

8 Nefa nony niandrindra izy ireo dia tsy nahita na iza na iza, afa-tsy Jesosy irery.

9 Rehefa nidina avy teny an-tendrombohitra izy ireo dia nandrara azy ireo Jesosy hoe: Aza milazalaza amin'olona iny fahitana iny, mandra-pitsangan'ny Zanak'Olonana amin'ny maty.

MATTHIEU 17 : 1 – 9 (PDV)

Pierre, Jacques et Jean voient Jésus dans la gloire de Dieu

1 Six jours après, Jésus emmène avec lui Pierre, Jacques et Jean le frère de Jacques. Il les conduit sur une haute montagne, loin des gens.

2 Sous leurs yeux, Jésus change d'aspect. Son visage brille comme le soleil et ses vêtements deviennent blancs comme la lumière.

3 Tout à coup, les trois disciples voient Moïse et Élie qui parlent avec Jésus.

4 Alors Pierre dit à Jésus : « Seigneur, c'est une bonne chose pour nous d'être ici. Si tu le veux, je vais faire ici trois abris, un pour toi, un pour Moïse et un pour Élie. »

5 Pendant qu'il parle, un nuage brillant arrive et les couvre de son ombre. Une voix vient du nuage et dit : « Celui-ci est mon Fils très aimé. C'est lui que j'ai choisi avec joie. Écoutez-le ! »

6 Quand les disciples entendent cela, ils tombent, le front contre le sol. Ils ont très peur.

7 Jésus s'approche, il les touche et leur dit : « Relevez-vous ! N'ayez pas peur ! »

8 Les disciples lèvent les yeux, et ils ne voient plus que Jésus seul.

9 Pendant qu'ils descendent de la montagne, Jésus leur donne cet ordre : « Ne dites à personne ce que vous avez vu, jusqu'à ce que le Fils de l'homme se réveille de la mort. »